


**Io ankavanan'ny sary manao solomaso mainty io Andriamatoa Rakotonandrasana Jean de Dieu Maharante fantatra koa amin'ny anarana hoe *"Bevata"*. Dia manompa na manambany azy koa ve izany ?**

Tsy laitra mihitsy ity resaka politika maloto ataona olona sendra nahazo toerana eo amin'ny fitondram-panjakana ka dia ankizy (raha oharina amin'ny taonako) no ampiasana, ampitenenina any amina televiziona, misalotra ho mpisolo tena ana faritra iray manontolo, kanefa dia ny tenany sy ny tombontsoany ihany no arovany ao anatina fanambarana izay tsy nampandroso ny firenena malagasy hatreto.

Tsy vao izao no misy *«zanaka faritra »* no miaka-tsehatra rehefa voakitika ny tombontsoan'ny olona atao andriamanitra kely, ka arovana fatratra amina fiteny tena mamoehatra.
Ny soratra moa mitoetra ka dia ao ny tantara no hitsara azy ireo.



Fa tao anatin'ny Tantara politika nanomboka tamin'ny fiverenan'ny fahaleovantenan'i

Madagasikara dia mbola tsy nisy mihitsy izany hoe *“zanak’Antananarivo”* ka nanao toa ireo nokaramaina ampiditra adim-poko fotsiny izao amin'ny mpiray Tanindrazana.
Ka ny fanontaniako apetrako an’ireo olona maro avy any Atsimo mahalala ahy dia tsotra: iza ireo bandy roalahy ireo? Faritra atsimo aiza marina no salorany hoe solontena? Satria izany faritra Atsimo izany mantsy, miala ao amin’ny Canal de Mozambique (Menabe) ka mipaka any amin’ny océan Indien (Anosy). Sa Atsimo inona marina no tian’izy roalahy ireo ambara?




J'AI UNE TÊTE DE
CON LÀ?
GNÉEE!


HAVORIA 2015
www.madagate.com








[illegible]










**[illegible] hevitra fa tsy atao**










www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com
HAVORIA 2015


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com






www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


HAVORIA 2015
www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com
airtel


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com

www.madagate.com

www.madagate.com

www.madagate.com

www.madagate.com

www.madagate.com













**Jean Harilala Randrianarison**
**Sary hafa Harilala Randriafy**